Free Digital Copy From ServeNow

# *IREO ZAVA-DEHIBE FOTOTRA TOKONY HO FANTATRAO MOMBA NY FAMAKIANA SY FIANARANA NY BAIBOLY*

*Lars B. Dunberg*

ServeNow

Free Digital Copy From ServeNow

***Ireo zava-dehibe fototra tokony ho fantatrao momba ny famakiana sy fianarana ny Baiboly***

***The Basic Things You Need to Know About Reading and Studying the Bible (Malagasy)***

Lars B. Dunberg

Copyright © 2013 by *ServeNow.*
Used by Permission. All rights reserved.

ISBN 978-1-958730-99-7

Scripture quotations translated into Malagasy are taken from The Holy Bible, New International Version®, NIV®Copyright © 1973, 1978, 1984, 2011 by Biblica, Inc.™ Used by permission of Zondervan.

All rights reserved worldwide. www.zondervan.com.The “NIV” and “New International Version” are trademarks registered in the United States Patent and Trademark Office by Biblica, Inc.™

Published by *ServeNow*
1817 Austin Bluffs Parkway #110
Colorado Springs, CO 80918, USA

Free Digital Copy From ServeNow

# Ireo zava-dehibe fototra tokony ho fantatrao momba ny famakiana sy fianarana ny baiboly

### Ilay Boky antsoina hoe Baiboly

Manana Testamenta Vaovao na Baiboly amin'ny endriny feno ianao eo am-pelatananao. Ny Testamenta Vaovao dia mirakitra ny fiainan'i Jesosy sy ny tantaran'ny fiangonana voalohany. Ny Baiboly dia ahitana ny Testamenta vaovao fa manomboka amin'ny Testamenta Taloha, izany hoe ny fototry ny tantara momba ny vahoaka jiosy sy ny Baiboly izay novakian'i Jesosy sy nianarany. Ny Baiboly, indraindray dia antsoina koa hoe Soratra Masina, izany hoe Tenin'Andriamanitra.

### Boky miavaka ny Baiboly izay nosoratan'ny mpanoratra maro, fa hafatra iray ihany

Ny Baiboly dia nosoratana nandritra ny 1 500 taona mahery tamin'ny alalan'ireo mpanoratra samihafa 40 fara fahakeliny. Nampiasa ny fahaizany rehetra Andriamanitra, fanomezana sy fomba fifandraisana mba hanomezana antsika ny Baiboly. Raha avy amin'ny toerana samihafa no niresahan'izy ireo ny fomba fijeriny ary amin'ny alalan'ny fomba literatiora isan-karazany, ny hafatr'izy ireo dia tsy miova amin'ny fomba miavaka: Velona Andriamanitra ary miahy antsika fatratra Izy ka nanome Mpanavotra mba hananantsika firaisana amin'Andriamanitra mandrakizay.

Tsy misy fialan-tsiny, ary amin'ny fiteny mora azo, ny Soratra Masina dia milaza fahamarinana tsotra momba ny foto-kevitra maro. Nandritra ny taonjato maro ireo manam-pahaizana hendry indrindra dia gaga tamin'ny ny fahaizan'ny Baiboly milaza mazava be amin'ny teny vitsivitsy.

Free Digital Copy From ServeNow

### Torolàlana ho an'ny fiainanao ny Baiboly

Azontsika atao ny miantso azy io hoe **Boky Torolalana ho an'ny Fiainana**. Maro ny milaza ny tenany ho kristiana ny olona nefa mahalana no manokatra ny Baiboly. Ny tsy fanarahana ny toromarika tsara matetika tsy hoe satria tsy mahay mamaky teny ny olona fa noho izy ireo misafidy ny tsy hamaky fotsiny. Misy mihevitra fa mampisafotofoto ny Baiboly ary sarotra takarina, ka noho izany dia tsy mamaky izany izy ireo.

Ny Baiboly no fomba fifandraisan'Andriamanitra amintsika. Isika no zavaboariny ary izy no Andriamanitra ambony indrindra. Manana drafitra ho antsika Izy. Inona no fomba tsara kokoa hitan'Andriamanitra hampitàna ny drafitra sy ny sitrapony raha tsy amin'ny alalan'ny boky?

Tiako ny gilasy. Anaky telo ihany no azoko hohanina. Raha mihinana dimy amby roapolo aho dia harary mafy. Saingy mifanohitra tanteraka amin'izany ny Baiboly. Arakaraka ny hinanatsika azy vao mainka mampanoana antsika. Arakaraka ny tsy hinanantsika azy no tsy dia mampanoana antsika.

### Manana fahefana lehibe ny Baiboly

Andriamanitra no Andriamanitra ambony indrindra. Efa nisy foana Izy. Izy dia Ilay nahary ny lanitra sy ny tany. Noho izany Andriamanitra dia manana fahefana. Miteny amin'ny alalan'ny teniny Izy, dia ny fahefana ambony indrindra avy amin'Andriamanitra. Io fahefana io dia manova ka mahatonga antsika hanana fifandraisana matanjaka amin'Andriamanitra velona amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Zanany. Amin'ny alalan'ny fahefan'ny Tenin'Andriamanitra no ahitantsika an'Andriamanitra sy Jesosy Kristy izay Mpamonjy antsika. Noho izany dia zava-dehibe ny anekentsika fa miteny amim-pahefana io boky io.

Free Digital Copy from ServeNow

**Tsy manam-paharoa sy feno ny Baiboly**

Tsy nisy gazety na radio tamin'ny fotoana namoronan'Andriamanitra izao tontolo izao. Tsy nisy nijery an'Andriamanitra rehefa namorona ny tany sy ny lanitra ary ny kintana Izy. Ahoana no nahafantaran'ny mpanoratra ireo zavatra ireo? Iray ihany ny valiny: Bokin'Andriamanitra ity.

Izy io dia mampianatra antsika momba ny tenantsika sy Andriamanitra ary ny famonjeny. Ny Baiboly koa no boky lehibe indrindra momba ny fitondran-tena sy ny etika. Misy boky masina maro hafa eto amin'izao tontolo izao. Ny fivavahana tsirairay dia manana iray na maromaro. Fa raha ampitahaina amin'ny Soratra Masina, tsy miraharaha ny olan'ny fon'olombelona izy ireo tahakan'ny ataon'ny Tenin'Andriamanitra. Raha ny etika no resahina dia ny Baiboly irery ihany no mijoro.

Boky midadasika ny Baiboly. Misy tantara, mizara sary mazava tsara momba ny toetran'ny olona. Ahitana tononkalo, toriteny, tantara an-tsehatra, ohabolana, faminaniana ary lalàna. Indrindra indrindra fa izany dia manambara ny fahavononan'Andriamanitra hitondra lehilahy, vehivavy ary ankizy akaiky Azy hanana fifandraisana manokana Aminy.

Ny Baiboly manontolo dia Tenin'Andriamanitra. Tsy hoe boky manome valiny haingana amin'izay ilaintsika izy io toy ny hoe izay tokony atao mba ahasambatra ny fanambadiana, na ny amin'ny ahazoana asa tsara sy manan-danja, ny ahazoana vokatra tsara amin'ny fambolena, na ny fomba hitazonana na hampihenana ny lanjan'ny vatana. Na dia miresaka ny amin'ny lohahevitra maro aza ny Baiboly, dia mbola ambonin'ny zavatra rehetra ny filazany ny amin'ny hoe Iza Andriamanitra, inona no eritreretiny, ary inona no iriny ho amin'ny fiainantsika.

Free Digital Copy From ServeNow

**Ny Baiboly dia manana fampianarana mihoatra noho ny asa soratra hafa rehetra**

Antenainao ho tena hafa mihitsy ny fampianarana ao amin'ny boky avy amin'Andriamanitra. Hazava ny fahasamihafana rehefa mamaky sy mandalina ity boky ity ianao. Vakio ny Toriteny an-tendrombohitra nataon'i Jesosy ao amin'ny bokin'i Matio. Tsy olon-tsotra no manao ireto fanambarana mahagaga ireto fa Andriamanitra no miteny amintsika. Na miombom-pihetseham-po amin'i Paoly amin'ny diany manao asa misionera ao amin'ny bokin'ny Asan'ny Apostoly. Jereo eo ambonin'ny sorok'i Paoly rehefa namporisika ny fiangonana tamin'ny alalan'ny taratasy nosorotany tao am-pigadrana. Na miaraha amin'i Jaona, ao amin'ny bokin'ny Apokalypsy, satria manana fahitana momba ny fihafarantsika izy, ny ho avy sy ny voninahitry ny lanitra. Ireo fampianarana ireo dia mihoatra lavitra noho ny asa soratra hafa rehetra.

**Ara-tsindrimandry ny Baiboly ary manana hery**

Matetika isika no miantso ny Testamenta Taloha sy Vaovao ho ny Tenin'Andriamanitra, ary tena izy tokoa ireo. Manana hery tsy mampino ny tenin'Andriamanitra.

Indray andro, teo am-piandohan'ny taona 1990, dia nifankahita tamin'ny iray tamin'ireo mpitarika tao amin'ny tanànan'i Leningrad tamin'ny Fiombonan'ny Sovietika aho. Hoy izy tamiko: "Tsy mino an'Andriamanitra aho. Fa ny boky izay nomenao ny mpianatra ao amin'ny sekolintsika dia manana hery tsy mampino satria rehefa afaka telo volana dia efa nahita fiovam-pitondran-tena teo amin'izy ireo aho." *Inona ilay boky?* Izany dia ampahany amin'ny Baiboly.

Niara-nipetraka tamiko ny mpianatra silamo iray tany Azia fotoana lasa izay ary nizara moramora tamiko hoe: "Silamo aho. Fa amin'ny alalan' ity boky ity, dia nahita fitiavana izay nanova ny fiainako aho." *Inona ilay boky?* Baiboly io.

Free Digital Copy From ServeNow

Tany Soeda, vehivavy tanora tsy nino an' Andriamanitra izay nankahala ny Andriamanitra tsy ninoany hoe misy no nanomboka namaky boky izay nomen'ny namany azy tany an-tsekoly. Rehefa namaky ny pejy izy, niatrika ny tantaran'ilay lehilahy izy tao amin'ilay boky ary nanova ny fiainany izany. *Inona ilay boky?* Izany dia ny Baiboly.

Misy hery tsy mampino ao amin'ny Baiboly, ny *Tenin'Andriamanitra*. Ny bokin'ny Hebreo dia manambara izany toy izao:

*Ny tenin'Andriamanitra dia velona sy mahery. Maranitra noho ny sabatra roa lela ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy, ny tonona sy ny tsoka; mahafantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo izany* (Hebreo 4:12).

**Nahoana no miavaka ny Baiboly?**

Ny Baiboly amin'ny ankapobeny, mety efa tsikarotrao ihany, dia matetika mainty ny fonony, matetika misy ranomainty, pejy manify, ary mavesatra toy ny biriky! Fa inona no mampiavaka azy?

Ny zava-kanto, ny mozika ary ny literatiora dia misintona be dia be avy amin'ireo sary ao amin'ny pejin'ity boky masina ity.

Ny rafitra ara-dalàna any amin'ny faritra sasany amin'izao tontolo izao dia avy amin'ny lalànan'ny Testamenta Taloha ary mbola ampiasaina araka ny lalàna. Any amin'ny fitsarana maro, ny olona iray dia mianiana "hilaza ny marina ary tsy misy afa-tsy ny fahamarinana", sady mihazona Baiboly ny tanany iray.

Ohatra, tamin'ny andron'ny Mpanjakavavin'i Angletera nosatrohana ny satroboninahitra tamin'ny 1953, ny iray tamin'ireo Eveka no nialoha lalana azy nitondra Baiboly. Rehefa nanao ny fanekeny ny mpanjaka dia nametraka ny tanany teo amin'io boky io izy.

Fa indrindra indrindra, ny Baiboly dia miavaka satria manana ny hery hanova ny fiainana tsotra!

Free Digital Copy From ServeNow

Raha tafahitsoka tany amin'ny nosy tany efitra ianao ary tsy afaka mitondra afa tsy boky iray ihany, boky inona no tianao safidiana? Tsy mila boky hampiala voly anao ianao. Tsy mila boky fanampiana tena hanatsarana ny toetranao. Azo inoana fa mila boky iray izay hampiseho aminao ny fomba ialàna amin'io nosy io ianao, angamba boky iray milaza aminao ny fomba hanamboarana sambo!

Voafandrika eto amin'ny nosy iray antsoina hoe tany isika ankehitriny, ary amin'ny farany dia mitarika ho amin'ny fahafatesana ny fijanonantsika eto amin'ity nosy ity raha tsy voavonjy isika. Tafahitsoka eto isika fa misy boky izay milaza amintsika ny fomba hiverenana hody any amin'ny tontolo hafa, sy hoavy hafa ankoatra ny fahafatesana. Ny Baiboly izany boky izany.

**Miresaka momba an'Andriamanitra ny Baiboly**

Amin'izao fotoana izao ny olona dia mangetaheta ny zava-dehibe sy ny fanambarana, maniry ny hifanerasera amin'ny zavatra ara-panahy. Izany no mahatonga antsika manana karazam-pivavahana maro be eran-tany. Mitady an' Andriamanitra ny olona. Fa tsy hahita an'Andriamanitra isika raha mbola miezaka mitady Azy. Satria, efa nanambara ny tenany Izy. Izy no tena mitady antsika.

Lalina ao am-pontsika ny faniriana hahalala Azy. Milaza amintsika ny Baiboly fa velona sy miahy ary tsara Andriamanitra. Afaka mahafantatra Azy isika dia ho avotra ny fiainantsika amin'izao fotoana izao. Hitantsika ao amin'ny Baiboly fa tena tia antsika Andriamanitra ka tonga olombelona tahaka an'i Jesosy Kristy ary tonga teto an-tany hamonjy antsika.

Manana toerana miavaka ny Baiboly raha oharina amin'ny boky hafa eo amin'izao tontolo izao. Nahoana? Satria ao amin'ny Baiboly Andriamanitra dia manambara ny tenany amintsika.

Amin'ny alalan'ny Tenin'Andriamanitra, dia manana ny antoka hany tokana ny amin'ny fiainana aorian'ny

Free Digital Copy From ServeNow

fahafatesana isika, izany hoe, izaho sy ianao dia mametraka tsotr'izao ny finoantsika sy ny fahatokiantsika an'i Jesosy Kristy ho tokana izay ahitantsika ny lalana sy ny fahamarinana ary ny fiainana.

**Miresaka momba an'i Jesosy ny Baiboly**

Amin'ny alalan'ny bokin'ny Testamenta Taloha sy Testamenta Vaovao dia mahita an'i Jesosy isika, Mpahary, Mpisoronabe, Mpanome lalàna, Mpanavotra, Mpamorona, ary anton'ny fiderana sy ny fivavahana. Izy no Mpanjakan'ny mpanjaka, Mpanasitrana ny torotoro fo, izay manafaka ny fahotantsika sy manafaka antsika amin'ny heloka tamin'ny alalan'ny fahafatesany teo amin'ny hazo fijaliana. Ary amin'ny alalan'ny fitsanganany tamin'ny maty no ahafahantsika manana fiainana be dia be.

**Afaka miova ara-panahy isika amin'ny alalan'ny Baiboly**

Izao no lazain'ny Baiboly amintsika: *Ny Soratra Masina rehetra dia avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra ary mahasoa mba ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso ary ho fitaizana amin'ny fahamarinana, ka hahatonga ny mpanompon'Andriamanitra ho vonona tsara amin'ny asa tsara rehetra* (2 Timoty 3:16-17).

Iza no tadiavinao hanam-pahefana eo amin'ny fiainanao? Any amin'ny tany maro, ireo olo-malaza amin'ny fahitalavitra matetika no lasa modely ho an'ny fahefana. Ho an'ny tanora, ny ray aman-dreny na matetika ny mpampianatra no lasa manana fahefana. Ho an'ireo miasa, ny lehibeny dia mety ho zava-dehibe amin'ny fiainany. Raha mipetraka amin'ny tanàna iray ianao dia mety ho ny loholona ao an-tanàna. Any am-piangonana, mety ny pasitera no milaza aminao izay tokony hatao, mifototra amin'ny fomban'ny fiangonana.

Na izany aza, ny Tenin'Andriamanitra, ny Baiboly no mpitari-dalana antsika tsy mety diso. Efa nametraka ny tenanao eo ambany fahefan'ny Baiboly ve ianao? Ity boky

Free Digital Copy From ServeNow

manontolo ity dia aingam-panahy avy amin'Andriamanitra. Tsy maintsy manapa-kevitra ianao hoe iza no hametrahanao ny fahefana faratampony eo amin'ny fiainanao.

Nisy fotoana teo amin'ny fiainako dia tsy maintsy nandray izao fanapahan-kevitra izao aho. Tokony hino ny filozofia tsy misy an'Andriamanitra ampianarina ao amin'ny fireneko any Soeda ve aho? Tokony hanaiky ny tsy finoana an'i Jesosy ve aho amin'ny maha-olona ara-tantara azy, mino fa tsy mbola niaina tety mihitsy Izy, tsy maty ary tsy nitsangana indray, araka ny nampianarin' ireo fiangonana liberaly manodidina ahy? Sa tokony hametraka ny finoako amin'ny Baiboly sy ny hafatra manova fiainana ve aho? Indray andro, raha tao amin'ny ambaratonga ambony mandalina ny Baiboly aho, dia tsy maintsy nandohalika teo akaikin'ny fandriako ary nivavaka hoe: "Tompo ô, manolotra ny fiainako sy ny faniriako ho amin'ny fampianarana ny Teninao aho, na inona na inona vidiny sy izay mety hitranga. "

**Inona no tanjon'ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao?**

Vao novakianao tao amin'ny andininy teo aloha ity... mba ho toy izany ianao *ho vonona tsara ho amin' ny asa tsara rehetra.*

Tsy vitan'ny fandehanana fotsiny any am-piangonana amin'ny faran'ny herinandro izany. Midika izany fa lasa niova ianao, izay velona ho an'i Jesosy Kristy sy manao ny asany isan'andro mandritran'ny herinandro, mandritran'ny taona.

Raha Jesosy Kristy (ny Teny velona) sy ny Baiboly (Tenin'Andriamanitra voasoratra) no avela hanao ny asany ao aminao, ny sainao, ny fonao ary ny sitraponao dia afaka hiova hitondra vokatra tsara eo amin'ny fiainanao. Isan'andro dia hiteny ianao hoe, Indro ny fahafahako miaina ny fanjakan'Andriamanitra.

Free Digital Copy From ServeNow

Rehefa mamaky sy mianatra avy amin'ny Tenin'Andriamanitra ianao dia aza miavonavona satria mety efa mahafantatra mihoatra noho ny hafa ianao.

Tsy dia ny habetsahan'ny fahafantaranao loatra no zava-dehibe, fa ilay fiainana be dia be raisinao avy amin'ny Tenin'Andriamanitra mihitsy. Ao amin'ny Testamenta Vaovao Jesosy dia niresaka tamin'ireo mpitondra fivavahana tamin'izany andro izany, ny Fariseo izany. Izao no nolazainy tamin'izy ireo: *Mandalina ny Soratra Masina ianareo satria heverinareo fa ao aminy no hanananareo fiainana mandrakizay. Soratra Masina izay tena maneho Ahy tokoa ireo* (Jaona 5:39).

**Marina ve sa diso ny Baiboly?**

Efa nenjehina hatramin'izay nisiany ny Baiboly. Misalasala ny olona ny amin'ny fahefana hananany na ny fahazoana mahatoky azy. Ny hafa indray mihevitra fa efa lany andro izy io. Any amin'ny firenena sasany, matahotra izany ny manampahefana ary nandrara ny fampiasàna ny Baiboly.

Nahoana ny olona no mankahala azy? Nahoana izy ireo no mikely aina handrava azy? Satria manelingelina ny fiainan'izy ireo izany. Hoy ny Baiboly, … *naleon'ny olona ny maizina toy izay ny mazava satria ratsy hatrany no nataony.* (Jaona 3:19). Raha lazaina amin'ny fomba hafa, "Isika dia tsy mila io lehilahy io hanjaka amintsika, fa aleontsika miaina amin'ny fiainantsika, amin'ny fahotantsika, tsy misy fieritreretana. Ary noho izany andao hanaisotra ny Baiboly!"

**Milaza ny Tenin'Andriamanitra fa avy amin'Andriamanitra izany**

Milaza ny Baiboly fa fanambaran'Andriamanitra izy. Ny mpanoratra rehetra dia nilaza fa nanonona an'Andriamanitra izy ireo. *Hoy Andriamanitra na hoe nandidy ny Tompo*. Mpandainga ve ireo mpanoratra ireo sa an'Andriamanitra izany Teny izany? Raha mpandainga izy ireo, dia azontsika atao ny manipy ny Baiboly lavitra any.

Free Digital Copy from ServeNow

Ao amin'ny Testamenta Taloha, ireo mpanoratra dia nanasongadina ny hafatra avy amin'Andriamanitra, *nandre ny tenin'ny Tompo aho manao hoe; Tonga tamiko ny tenin'ny Tompo.*

Nilaza ny marina ve ireo olona ireo sa tsia? Tsy maintsy manapa-kevitra ianao. Tsy maintsy nanapa-kevitra aho indray andro, efa ela be izay. Na Andriamanitra no niteny tamin'izy ireo na izy ireo no tena mpandainga indrindra, satria efa maherin'ny in-2000 ao amin'ny Testamenta Taloha no milaza fa Andriamanitra no niteny.

Nanonona tsy tapaka ny Testamenta Taloha i Jesosy. Na indray mandeha aza, tsy nisalasala niresaka izany tamintsika izy. Na indray mandeha aza. Nefa kosa, nanonona izany tamin'ny fahefana Izy, toy ny hoe *tsy novakianao ve izay nolazain'Andriamanitra taminao? Hoy i Davida tamin'ny alalan'ny Fanahy Masina.*

Ireto no tenin'i Jesosy. Izy no nanazava ny Soratra Masina momba ny tenany: *Tadiavo ireto Soratra Masina ireto … miresaka momba Ahy izy ireo.*

Ao amin'ny Baiboly, ireo misalasala dia mahita ny tantaran'i Noa sy ny safo-drano sy ny an'i Jona ary ny hazandrano ho tantara roa sarotra raisina indrindra. Nohamafisin'i Jesosy tsy am-pisalasalana ireo tantara roa ireo.

Nanamafy ny Soratra Masina ao amin'ny Testamenta Taloha koa ny apostoly. Nilaza Petera ao amin'ny 2 Petera 1:21, *…mpaminany, zany hoe olombelona, niteny avy tamin'Andriamanitra araka izay nitondran'ny Fanahy Masina azy. Nanoratra ny apostoly Paoly hoe: Ny Soratra Masina rehetra dia avy anin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra…* (2 Timoty 3:16). Mpandainga ve i Paoly?

Diso ve i Jesosy sy Paoly ary Petera? Raha izany no izy dia aleo adinoina ny momba ny kristianisma! Fa raha marina izy ireo dia tsara kokoa raha tonga mpanara-dia an'i Jesosy sy mankatò ny Teniny izaho sy ianao.

Free Digital Copy From ServeNow

**Inona koa no hitantsika ao amin’ny Baiboly?**

Na ho ela na ho haingana, ny olona rehetra eto amin'izao tontolo dia hitolona amin'ny fanontaniana fototra sasany eo amin'ny fiainana. Hitantsika ao amin’ny Baiboly ny valin’ireo fanontaniana rehetra ireo: Iza moa aho? Afaka hanao fiovana ve aho? Fanomezana inona no efa nandraisako anjara? Nahoana aho no eto? Inona no zava-kendren’ny fiainana? Iza ireo olona manodidina ahy? Ohatra, nahoana aho no teraka tany Soeda fa tsy tany Frantsa? Nahoana ianao no lehibe tany India fa tsy tany Etazonia? Inona no hilaozako - angamba tsy ny loharanon-karena be loatra, fa ny lova sy ny fiantraikany? Farany, iray amin'ireo fanontaniana fototra amin'ny fiainana: Inona no mitranga rehefa maty aho?

Ny valin’ireo fanontaniana ireo dia ao amin’ny Tenin’Andriamanitra hanova antsika sy hahatonga antsika ho olona tahaka ny nahariana antsika.

**Inona no lazain’ny Baiboly momba ny tenany?**

***Fitaratra ny Tenin’Andriamanitra***

*Izay rehetra mihaino ny teny nefa tsy manao izay lazainy dia tahaka ny olona mijery ny tarehiny eo amin’ny fitaratra ary rehefa miala eo izy dia hadinony tanteraka ny endriny. Fa izay rehetra mandinika ny lalàna marina izay manome fahafahana ary maharitra amin’izany – tsy manadino izay efa norenesiny ka manao izany – dia ho tahiana izy ireo amin’izay rehetra hataony* (Jakoba 1:23-25).

Ny Fanahy Masin’Andriamanitra no mandresy lahatra antsika amin’ny tsy mety eo amin’ny fiainantsika. Izany no antsoin’ny Baiboly hoe ota. Izaho sy ianao dia tsy afaka manatona an’Andriamanitra raha tsy taomin'ny Fanahy Masina, ary matetika izy no mampiasa ny Teny mba hanaovana izany. Rehefa vonona ny hiaiky fa mpanota isika dia vokatry ny asan’ny Fanahy Masina izany.

Manondro an’i Jesosy foana ny Baiboly. Hoy izy, *Ireo teny ireo dia nosoratana mba hinoanareo fa Jesosy no Mesia,*

Free Digital Copy From ServeNow

*Zanak'Andriamanitra, ary mba hananananareo fiainana amin' ny anarany, raha mino ianareo* (Jaona 20: 31).

Amin'ny alalan'ny finoana an'i Jesosy no ahitanao ny fiainana mandrakizay. Raha miandry isika mandra-pahazoantsika izany rehetra izany an-tsaina dia tsy hahita azy mihitsy isika. Ho very isika.

Mila manatona amin'ny finoana an'i Jesosy Kristy ny mpampianatra amin'ny oniversite. Mila manatona amin'ny finoana ny mpandraharaha. Mila manatona amin'ny finoana ny vehivavy mpikarakara tokantrano. Mila manatona amin'ny finoana ny mpianatra. Mila ny mpiasa andavanandro ao an-tanàna hanatona amin'ny finoana. Rehefa manatona isika ary mijery Azy amin'ny fitaratra – ny Tenin'Andriamanitra –dia maninjitra ny sandriny Izy mba hamela ny fahotantsika, hanadio antsika, ary hamolavola antsika ho olom- baovao.

### *Ny Tenin'Andriamanitra dia sakafo ho an'ny fanahy*

*Tahakan'ny zaza vao teraka dia maniria ny rononom-panahy madio, mba hitomboanareo amin'ny famonjena anareo* (1 Petera 2:2).

*Ny ventin-kanina dia natao ho an'izay efa lehibe, dia izay manana ny saina efa zatra nampiasaina tsara ka mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy* (Hebreo 5:14).

### *Fahazavana ny Tenin'Andriamanitra*

Miaina ao anatin'ny tontolo maizina isika ary indraindray aza dia mahatsapa ho maizina ny ao anatintsika. Fa ny hazavana avy amin'ny afokasika kely indrindra dia hampandositra ny haizina na aiza na aiza. Ny Tenin'Andriamanitra dia toy izany fahazavana izany eo amin'ny fiainantsika.

*Ny teninao no fanilon'ny tongotro, manazava ny lalako* (Salamo 119:105).

Free Digital Copy From ServeNow

***Toy ny sabatra ny Tenin'Andriamanitra***

Rehefa miresaka momba ny Tenin'Andriamanitra ho sabatra, tsy midika izany fa Andriamanitra dia toy ny mpandidy miaraka amin'ny fitaovam-pandidiana eny an-tanany. Fa ny Tenin'Andriamanitra dia miditra ao anatin'ny fiainantsika, ary manome ny fiovana izay tena ilaintsika fatratra eo amin'ny fiainantsika.

Ny mpino iray ao amin'ny faritra misy anao dia mety ho vonona hanao fifanarahana ara-barotra goavana. Mba hanaovana izany anefa dia tsy maintsy misy lainga atao. Tampoka teo dia namaky ny Testamenta Vaovao ilay olona, ary nahatsapa fa tsy toy izany no fomba tian'i Jesosy hivelomany. Foana ny fifanarahana ara-barotra!

Tovovavy iray no nanohitra ny antso hanompo ny Tompo. Nomena asa ambony mahasarika sy tsara karama mantsy izy. Namaky ny Lioka 9 izy momba ny tsy fahafahana mierika intsony rehefa mitana fangady tarihina. Nandohalikaavy hatrany izy ka nivavaka hoe: “Tompo ô, intỳ aho; iraho aho!"

*Ny tenin'Andriamanitra dia velona sy mahery. Maranitra noho ny sabatra roa lela ka manindrona hatramin'ny fampisarahana ny aina sy ny fanahy, ny tonona sy ny tsoka; mahafantatra ny eritreritra sy ny fisainan'ny fo izany* (Hebreo 4:12).

***Ampinga ny Tenin'Andriamanitra***

Matetika isika no mahatsiaro voatafika ao anatin'ny fihetseham-pontsika, na ao anatin'ny fahalemen'ny finoantsika. Tsapantsika fa misy fakam-panahy miafina any amin'izay tsy ampoizintsika. Ny Tenin'Andriamanitra dia miaro antsika amin'ny fisalasalana, amin'ny fanamelohana, tsy fandriampahalemana na ny fakam-panahy. *Ianao no fiereko sy ampingako; Ny teninao no andrasako* (Salamo 119:114).

***Sarintany ny Tenin'Andriamanitra***

Indray alahady taona maro lasa izay, ela be talohan'ny nisian'ny sarintany elektronika, sady nitondra fiara aho

Free Digital Copy From ServeNow

no nitazona ny sarintany teo amin'ny tanako. Maimaika aho satria tara tamin'ny fotoam-pivavahana izay handehanako hitory teny. Rehefa nivily ankavanana aho dia tsy nisy fiangonana teo izay tokony ho eo no nisy azy. Tampoka teo dia tonga saina aho fa hay nivadika no nihazonako ilay sarintany ka lasa alavitra loatra aho.

Toy ny sarintany ho an'ny fiainantsika ny Tenin'Andriamanitra. Tsy ampy ny famakiana azy fotsiny, fa tsy maintsy manaraka ny toromarika ao aminy koa isika.

*Tariho hifanaraka amin'ny teninao ny diako* (Salamo 119:133).

### *Inona no tokony hataonao amin'ny Baiboly?*

Nandritra ny 70 taona mahery tany aloha tany, dia boky voarara ny Baiboly tany amin'ny Firaisana Sovietika. Raha manana iray ianao dia mety hiafara any am-ponja. Rehefa rava ny rindrim-by tamin'ny 1989, dia ny Baiboly no anisan'ny zavatra tena notadiavina indrindra. Taona vitsy taty aoriana dia naharay ity taratasy ity avy amin'ny vehivavy Rosiana iray aho:

"Reko tamin'ny renibeko fa misy boky antsoina hoe Baiboly fa tsy mbola nahita na dia iray aza aho teo amin'ny fiainako - hatramin'izao! Nahazo dika mitovy aho ary namaky azy io foana foana fa tsy mety hitako hoe hatraiza ny mety ho fiafaran'ny soa azoko avy aminy."

Nahatsapa ny hasarobidin'ny Baiboly teo amin'ny fiainany io vehivavy io. Tsy misy olana eto amin'izao tontolo izao ka tsy azon'io boky io vahana, na eo amin'ny sehatra nasionaly na amin'ny tena manokana. Inona àry no tokony hataonao amin'izany?

### Ireto misy fomba maro ahafahanao mamaky sy mianatra ny Baiboly

#### *Vakio izany*

Manomboha mamaky azy io isan'andro. Tsy voatery manomboka hatrany amin'ny voalohany ianao, satria mety ho tafahitsoka eo ianao afaka andro vitsivitsy. Izao no

Free Digital Copy From ServeNow

soso-kevitro: ny filazantsaran'i Marka no vakio voalohany. Io mantsy no filazantsara fohy indrindra. Rehefa vitanao izany dia tokony mamaky ny bokin'ny Asan'ny Apostoly indray ianao izay mirakitra tantara mitohy momba ny fiangonana voalohany. Avy eo dia afaka manomboka mamaky toko iray isan'andro amin'ny filazantsara telo hafa ianao, sy toko iray isan'andro avy amin'ireo taratasy nosoratan' i Paoly ary ireo mpitarika hafa ao amin'ny Testamenta Vaovao, izay nanoratra taratasy ihany koa. Dia farano amin'ny famakiana ny bokin'ny Apokalypsy izany.

Tsy mila fotoana ela kokoa nohon'ny famakiana gazety feno vaovao ratsy izany. Hahazo vaovao tsara ianao, rehefa maka ampahany samihafa amin'ny Baiboly isan'andro amin'ny fotoana mitovy!

***Diniho izay novakianao***

Miezaha mandinika izay lazain'ilay andalana. Atombohy amin'ny vavaka ho amin'ilay zavatra novakianao. Angataho ny Fanahy Masina hanampy anao handinika izay voalaza. Eo am-pamakiana ny andalan-teny dia apetraho ireto fanontaniana manaraka ireto:

- Iza no miresaka ary amin'iza no miresaka izy?
- Inona no tena lazain'izy io?
- Oviana no nitranga izany?
- Taiza no voalaza izany teny izany?
- Nahoana no nilaza izany ny mpanoratra?
- Inona no fiantraikan'izany amiko ankehitriny?

Asio marika ny teny na andian-teny iray izay inoanao fa teny fototra.

Ataovy lisitra izay novakianao. Ohatra ao amin'ny 1 Petera 5:2-3 dia ny andraikitry ny loholona no vakianao ao. Manaova lisitr'ireo andraikitra ireo ary saintsaino ny amin'ireo.

Free Digital Copy From ServeNow

Miezaha mitady fampitahana sy fifanoherana. Feno fampitahana ny Testamenta Vaovao, toy ny hoe "ny devoly mandehandeha tahaka ny liona mierona".

Asio marika ny toerana ara-jeografika maneho izay nitrangan'izay vao novakianao. Manampy anao hahatakatra tsara kokoa ny andalan-teny izany.

***Fantaro ny dikan'izany***

Andramo ny mandinika lalina ireo andininy manodidina eo, ny toko, eny ny boky manontolo. Aza misintona andinin-teny iray fotsiny. Azoko tsara ve ny dikan'izany teny izany raha ampitahaina amin'ny tanjon'ny boky manontolo?

Fenoy amin'ny Tenin'Andriamanitra ny tenanao. Tsarovy fa tsy hifanohitra mihitsy ny Soratra Masina. Aza raisina an-tendrony ny fampianarana izay mifototra amin'ny andininy iray monja, izay tsy nokasain'Andriamanitra natao mihitsy. Aoka hietry am-pinoana ny fonao ary ekeo ny tenin' Andriamanitra.

Tsy boky maneho fombafomba na finoana te hampiray ny maha olombelona sy ny maha andriamanitra ny Baiboly. Niresaka tamintsika Andriamanitra mba hahalalantsika ny marina. Voalohany indrindra, tadiavo mandrakariva ny fampianarana mazava avy ao amin'ny Soratra Masina, fa tsy izay hevitra miafina noteren'olona hifanaraka amin'ny Tenin'Andriamanitra fotsiny.

***Ianaro izany***

Mihoatra noho ny famakiana tsotra fotsiny izany. Mandraisa lohahevitra iray, toy ny hoe "ny famonjena" na "ny fahamasinana" na "ny lanitra" na "ny vola", rehefa avy eo dia mitadiava izay andininy rehetra miresaka momba izany. Na mety te hamaky izay rehetra hitanao momba an' i Petera na i Jaona na i Paoly ianao. Ho hitanao hoe hatraiza ny harenan'ny Tenin'Andriamanitra.

Mametrà fanontaniana bebe kokoa. Sarotra kokoa nohon'ny fahitana azy izany, saingy ny fametrahana

Free Digital Copy From ServeNow

fanontaniana dia hanome anao valiny hatrany hatrany. Anontanio ny pasiteranao. Anontanio ny mpino hafa.

Mandraisa an-tsoratra. Asio penina na pensilihazo ary taratasy iray eo akaikinao ary soraty ao izay hitanao. Ny pensilihazo fohy indrindra dia lava kokoa nohon'ny fitadidiana lava indrindra.

Rehefa mandalina izany ianao dia ho hitanao fa misy toromarika maro momba izay tokony hataonao eo amin'ny fiainanao. Raha voalaza ao fa tokony hivavaka ianao, dia ampio an'izay ny lisitrao. Raha hitanao fa tokony hamela heloka ny hafa ianao dia manaova lisitr'ireo olona tokony havelanao heloka. Mbola azo hitarina ho lava be ny lisitra!

*Miezaha hahatakatra ny dikany*

Indraindray ianao dia mety hieritreritra fa ny zavatra voalaza dia manana dikany hafa tanteraka amin'izay heverinao fa novakianao. Ohatra, nitsidika trano indianina maro aho ary saika nanolotra dite ho ahy foana ireo. Raha notazoniko tampoka ilay izy ary nihiaka aho hoe: "Poizina ity!", inona no mety ho hevitr'izay noteneniko hoy ianao? Angamba mety nandraraka poizina tao amin'ny kaopiko ka nitady hamono ahy izany olona izany. Fa raha efa nolazaiko taminao mialoha hoe dite matsatso no tadiaviko, tsy asiana ronono sy siramamy; kanefa dite efa vonona sady tena mahery be no nomena ahy, dia angamba mety midika toy izao ilay hiakako: "Dite ve ity raha ny fahafantaranao azy ? Sady mahery, no be ronono ary mangidy!"

Na mety tsy tia dite mihitsy aho fa kafe ihany no tena fisotroko, ary noheveriko fa izay no nomena ahy.

Ezaho fantarina foana izay lazain'ny mpanoratra amin'ny andalana iray, amin'io toko io manokana, amin'io boky io manokana.

Free Digital Copy From ServeNow

***Manontania tena hoe: Oviana izy io no nosoratana? Nosoratana ho an'iza izany?***

Azontsika atao ny mahatakatra tsara kokoa ny hevitry ny Baiboly raha fantantsika hoe natao ho an'iza izany. Arakaraka ny fahafantarantsika ny fomba amam-panao sy ny politika tamin'ny andron'ny Baiboly no hampazava kokoa ny hevitr'izany.

Ohatra, ny Testamenta Vaovao dia mandidy fa ny mpanompo dia tokony hankatò ny tompony. Tamin'izany fotoana izany, teo amin'ny tantara dia nekena tamin'ny ankapobeny ny fanandevozana. Fa tamin'ny alalan' i Kristy kosa dia tonga mpirahalahy sy mpirahavavy ireo notompoina sy ny mpanompo rehetra.

***Aza misintona andininy iray fotsiny fa vakio ny toko manontolo***

Azontsika atao ny mahatakatra tsara kokoa ny fehezanteny iray rehefa dinihintsika ny toko iray manontolo.

Matetika ny mpitondra fivavahana sy sekta sandoka no manodinkodina ny fahamarinana ao amin'ny Baiboly amin'ny alalan'ny fisafidianana fehezanteny iray monja ivelan'ny tontolon-keviny.

Amin'izany fomba izany izy ireo no mampiasa ny Baiboly mba hanohanana ny finoany. Mila azontsika antoka tsara ny fahatakarantsika izay tena lazain'ny Baiboly amitsika- eny fa na dia mamely mafy aza izany. Toy izany koa ny andalan-tsoratra masina tsirairay dia mila adika amin'ny fahazavan'ny Baiboly manontolo. Amin'izay fotoana izay, dia tsy hisy ampahany amin'ny soratra masina ho hita mifanohitra amin'ny hafa. Ny fanamby hoan'ny mpamaky ny Baiboly dia ny hamolavola fomba fisainana ara-baiboly marina.

Iray amin'ireo mpitondra fiangonana voalohany, 200 taona teo ho eo taorian'ny fitsanganan' i Kristy tamin'ny maty dia nilaza fa: "Raha izay tianareo ihany no inoanareo ao amin'ny filazantsara, ary mandà izay tsy tianareo,

Free Digital Copy From ServeNow

dia tsy ny filazantsara zany no inoanareo, fa ny tenanareo ihany".

Raha Testamenta Vaovao ihany no anananao dia aoka hanangona vola ianao ary rehefa manana fahafahana mividy ianao dia hilazao ny pasiteranao mba hanome Baiboly amin'ny endriny feno ho anao. Izany angamba no iray amin'ireo fomba tsara indrindra handanianao ny volanao.

*Inona no tian'Andriamanitra haseho amintsika?*

Mila mahafantatra ny amin'ny drafitr'Andriamanitra ho an'ny zava-boariny sy ho an'ny olombelona isika. Betsaka ny fanontaniana tsy hahitam-baliny firy na tsy lazaina mihitsy ao amin'ny Baiboly. Fa ny tenin'Andriamanitra dia milaza amintsika izay rehetra ilaintsika ho fantatra momba Azy sy ny fikasany.

Voalohany indrindra dia bokin'ny famonjena aloha ny Baiboly. Noho izany, tokony hialantsika ny fanaovana fandikana lalina azy momba ireo raharaha ivelan'ny tanjony lehibe indrindra.

Ny Baiboly dia manana hafatra velona, izay feno hery hanovana fiainana sy toetra maro. Na dia nomena tamin'ny kolontsaina hatry ny ela aza izany, ny hafany ho anao sy ho ahy ankehitriny dia manana fahefana mitovy.

*Ataovy tsianjery izany*

Mety hiteny ianao hoe: "Tena manana olana amin'ny fitadidiana aho." Tadidinao ve ny daty nahaterahanao? Ny haben'ny kiraro sy ny lobakao? Ireo refy tena ilaina momba anao? Ny adiresinao? Ny laharan'ny findainao? Tsy misy very izany ny fitadidianao! Mety izany!

*Ato am-poko no hiraketako ny teninao!* hoy ny mpanoratra ny bokin'ny Salamo, ao amin'ny Testamenta Taloha. Ahoana no ahafahantsika manao izany raha toa ka tsy mbola nitadidy azy isika? Ireto misy andininy vitsivitsy izay tiako ho tadidinao.

Free Digital Copy From ServeNow

*Ny herin'ny ota*

*Fa samy efa nanota ny rehetra ka tsy manana ny voninahitra avy amin'Andriamanitra* (Romana 3:23).

*Fa ny tambin'ny ota dia fahafatesana, ary ny fanomezana avy amin'Andriamanitra dia fiainana mandrakizay ao amin'i Kristy Jesosy Tompotsika* (Romana 6:23).

*Ary tahaka ny olona izay voatendry ho faty indray mandeha, dia hiatrika fitsarana avy eo* (Hebreo 9:27).

*Izay ataon'I Kristy*

*Koa amin'izany, rehefa nohamarinina tamin'ny alalan'ny finoana isika dia manana fihavanana amin'Andriamanitra amin'ny alalan'i Jesosy Kristy Tompontsika* (Romana 5:1).

*Fa tamin'ny fahasoavana no namonjena anareo tamin'ny alalan'ny finoana – izany dia tsy avy aminareo fa fanomezana avy amin'Andriamanitra – tsy avy amin'ny asa, fa sao hisy hirehareha* (Efesiana 2:8-9).

*Ao aminy no ananantsika fanavotana amin'ny alalan'ny rany, izay famelana ny heloka, araka ny haren'ny fahasoavan'Andriamanitra* (Efesiana 1:7).

*Namonjy antsika Izy, tsy nohon'ny asa tamim-pahamarinana izay nataontsika fa noho ny famindrapony. Namonjy antsika Izy tamin'ny alalan'ny fanadiovana amin'ny fahaterahana indray sy ny fanavaozan'ny Fanahy Masina* (Titosy 3:5).

*Fa izay rehetra nandray Azy, dia izay nino ny anarany, no nomeny alalana ho tonga zanak'Andriamanitra* (Jaona 1:12).

*Indro efa mitsangana eo am-baravarana Aho ka mandondona. Raha misy maheno ny feoko ary mamoha ny varavarana, dia handroso ao aminy Aho ka hiaraka hisakafo aminy, ary izy ireo kosa hiaraka Amiko* (Apokalypsy 3:20).

*Fanomezana antoka ny amin'izay nataon' i Kristy*

*Manoratra ireo rehetra ireo aho ho anareo izay mino ny anaran'ny Zanak'Andriamanitra mba ho fantatrareo fa manana fiainana mandrakizay ianareo* (1 Jaona 5:13).

Free Digital Copy From ServeNow

*Lazaiko aminareo marina tokoa, n'iza n'iza mihaino ny teniko ka mino izay naniraka Ahy dia manana fiainana mandrakizay ary tsy hohelohina fa tafafindra niala amin'ny fahafatesana ho any amin'ny fiainana izy* (Jaona 5:24).

*Kristy no ivo*

*Efa voahombo niaraka tamin'i Kristy aho ary tsy izaho intsony no velona fa Kristy no velona ato amiko. Fa izay ivelomako ankehitriny amin'ny nofo, dia ivelomako amin'ny finoana ny Zanak'Andriamanitra, Izay efa tia ahy ary nanolotra ny tenany ho ahy* (Galatiana 2:20).

*Noho izany, raha misy olona ao amin'i Kristy, dia tonga olom-baovao izy: Efa lasa ny zavatra taloha, indreo efa tonga vaovao ireo!* (2 Korintiana 5:17)

*Fa katsaho aloha ny fanjakany sy ny fahamarinana, dia homena anao ihany koa izany zava-drehetra izany* (Matio 6:33).

*Tsy fantatrareo va fa ny tenanareo dia tempolin'Andriamanitra ary ny fanahin'Andriamanitra dia mitoetra eo anivonareo?* (1 Korintiana 3:16).

*Fitiavana*

*Didy vaovao no omeko anareo: Mifankatiava ianareo. Tahaka ny efa nitiavako anareo no tsy maintsy hifankatiavanareo koa. Izany no hamantaran'ny olona fa mpianatro ianareo raha mifankatia* (Jaona 13:34-35).

*Anaka, aoka isika tsy ho tia amin'ny teny na amin'ny lahateny fa amin'ny asa sy amin'ny marina* (1 John 3:18).

*Fanetren-tena*

*Aza manao na inona na inona amin'ny fifampiandaniana na mandrani-tena . Aleo aza amin'ny fanetren-tena ka manao ny hafa ho ambony noho ny tena, tsy mitady tombotsoa ho an'ny tena manokana fa ho an'ny hafa koa* (Filipiana 2:3-4).

*Toy izany koa, ianareo izay mbola tanora fanahy, maneke ny loholona. Mitafia fanetren-tena hianareo rehetra ka*

Free Digital Copy From ServeNow

*mifanompoa, satria "Andriamanitra manohitra ny miavona-vona fa manome rariny ho an'ny manetry tena."*

*Koa manetre tena ianareo eo ambany tana-maherin'Andriamanitra, mba hanandratany anareo amin'ny fotoana voatendriny* (1 Petera 5:5-6).

*Fahadiovana*

*Fa aoka tsy ho tononina eo aminareo ny fijangajangana sy ny fahalotoana rehetra na ny fieremana, satria izany zavatra izany dia tsy mahamendrika ny olo-masin'Andriamanitra* (Efesiana 5:3).

*Ry malala, mananatra anareo aho, amin'ny maha vahiny sy mpivahiny anareo, mba hifadianareo ny filàn'ny nofo, satria izany dia manohitra ny fanahinareo* (1 Petera 2:11).

***Fanaovana ny marina***

*Noho izany dia miezaka foana aho mba hanana saina madio eo anatrehan'Andriamanitra sy ny olona* (Asan'Apostoly 24:16).

*Finoana*

*Ary raha tsy avy amin'ny finoana dia tsy misy azo hatao hazahoana sitraka avy amin'Andriamanitra, satria izay manatona Azy dia tsy maintsy mino fa misy Izy ary Mpamaly soa izay tena mitady Azy* (Hebreo 11:6).

*Ary Abrahama tsy nihanahana tamin'ny tsy finoana nanoloana ny teny fikasan'Andriamanitra, fa nampaherezin'ny finoany ary nanome voninahitra an'Andriamanitra, feno fahatokiana tanteraka fa Andriamanitra dia nanana fahefana nanatanteraka izay efa nampanantenainy* (Romana 4:20-21).

*Fankatoavana*

*Koa amin'izany, mangataka aminareo aho ry rahalahy sy anabavy, noho ny famindrampon'Andriananitra, mba atolotrareo ny tenanareo ho fanatitra velona, masina ary sitrak'Andriamanitra- izany dia fanompoana marina sy madio ataonareo* (Romana 12:1).

Free Digital Copy From ServeNow

*Izay manana ny didiko ka mitandrina izany no tia Ahy. Izay tia ahy dia ho tia azy koa ny Raiko, ary izaho koa ho tia azy dia hiseho eo amin'izy ireo Aho* (Jaona 14:21).

*Vavaka*

*Raha mitoetra ao Amiko ianareo ary ny teniko mitoetra ao aminareo, dia angataho izay rehetra irinareo, fa ho tonga aminareo izany* (Jaona 15:7).

*Aza manahy na amin'inona na amin'inona, fa amin'ny zavatra rehetra miseho, dia aoka ny fivavahana sy ny fifonana ombam-pisaorana no hanehoanareo ny fangatahanareo amin'Andriamanitra. Ary ny fiadanan'Andriamanitra mihoatra noho ny fahalalana rehetra, hiaro ny fonareo sy ny fihevitrareo ao amin'i Kristy Jesosy.*

*Ary Andriamanitro hanome izay rehetra ilainareo araka ny haren'ny voninahiny ao amin'i Kristy Jesosy* (Filipiana 4:6-7, 19).

Fiovana manao ahoana re no hiseho eo amin'ny fiainanao raha toa ka hainao tsianjery avokoa ireo andalan-teny ao amin'ny Baiboly voalaza etsy ambony ireo e! Hanome hery ho anao mandritran'ny andro ary fampiononana ho amin'ny alina izany.

***Saintsaino izany***

Tsy mitovy amin'ny fitokanana miaro fandinihina lalina ataon'ny tatsinanana izany. Hoy ny Salamo 1: *Fa ny lalàn'i Jehovah no sitrany ary ny lalàny no saintsaininy andro aman'alina* (Salamo 1:2). Tahaka ny omby mamerina mitsako fanindroany ny sakafo efa nateliny, dia toy izany ianao rehefa mifantoka amin'ny andalan-tsoratra masina iray mandritra ny fotoana vitsivitsy ary mitsako azy. Angamba amin'ny maraina no hitsakoanao azy. Hianaranao tsianjery izany; mivavaka momba izany ianao; teneninao amin'ny feo mafy izany ary mivavà mandritra ny andro ianao hoe: "Fanahy Masina o, lazao amiko ny fomba ampiharako io andinin-teny avy amin'ny soratra masina io ho amin'ny fiainako anio".

Free Digital Copy From ServeNow

*Vakio ombam-bavaka*

Tsy boky mahaliana ho vakiana fotsiny ny Baiboly: boky iray natao hidirana lalina izy io. Miresaka olana maro momban'ny fiainan'ny mpamaky izy io, ny toetrany ary ny anjara ho azy.

Ny famakiana Baiboly aorian'ny vavaka dia fiarovana amin'ny avonavona na fiheveran-tena ho zavatra – izany koa dia mampiseho fa ny mpamaky dia vonona ny hanaiky ny torolalana ara-moraly avy amin'Andriamanitra.

***Mihainoa manokana***

Ny Baiboly dia tsy boky misy filozofia tsy azo tsapain-tanana. Boky momba ny fiainana sy ny olona amin'ny toe-javatra tena izy io. Niresaka manokana tamin'ny mponin' i Jerosalema i Isaia. Ny apostoly Paoly dia niarahaba ireo namany amin'ny anarany tao amin'ireo taratasiny. Ny bokin'ny Apokalypsy dia nosoratana hoan'ireo Kristianina izay niaritra fanenjehana.

Tsy maintsy manohy milaza anefa isika fa ny valisoa omen'ny Baiboly ary ny fampanantenana ao dia ho an'ny mpamaky tsirairay, na inona na inona taonjato niainany. Rehefa manokatra ny fiainantsika amin'ny hafatry ny Baiboly isika, dia afaka manantena an'Andriamanitra hifandray amintsika.

***Manantenà zava-tsoa avy amin'ny Baiboly***

Rehefa mamaky ny Baiboly isika, dia ho gaga sy ho talanjona ny amin'ireo fisehoan-javatra sasany izay toy ny fampitandremana ao anatin'nypejiny. Hisy andalan-teny hafa izay hametraka fanamby hoantsika na hahagaga antsika. Tsy maintsy manantena anefa isika fa hampivelatra ny fetran'ny fahafahantsika manao zavatra ity boky ity.

Free Digital Copy From ServeNow

***Ampiharo tsy tapaka eo amin'ny fiainanao ny Tenin'Andriamanitra***

Rehefa mamaky sy mampihatra tsy tapaka ny Baiboly isika, dia iray amin'ireo tombony lehibe ho antsika ny hoe manomboka mahita izao tontolo izao amin'ny mason'Andriamanitra. Lasa mijery ny baiboly ho tena zavatra iray manontolo ihany koa isika, fa tsy toy ny hoe singa tsy misy hifandraisany.

Toy ny zaza kely izay mila sakafo ara-dalàna sy sahaza azy ho amin'ny fitomboany, dia mila misakafo ara-panahy ihany koa ny Kristianina amin'ny alalan'ny soratra masina sy ny fampiharana ny fahamarina ny eo amin'ny fiainana andavanandro. Vokatr'izany dia miova ny toetrantsika.

Boky azo ampiharina amin'ny fiainana ny Baiboly ka mila manontany ny tenanao isan'andro ianao hoe: "Midika inona amiko izany anio?" Inona no tokony hataonao? Mamela heloky ny hafa ve? Mankatò an'Andriamanitra ve? Mitaky ny iray amin'ireo teny fikasany ve? Hanàna finoana ve? Hanova ny toe-tsainaove? Miaiky ny fahotana eo amin'ny fiainanao? Misy anton-javatra manokana mila entinao am-bavaka ve? Misy zavatra tokony hisaoranao ve?

Milaza amintsika ny bokin'i Jakoba hoe: *Aza mihaino fotsiny ny teny ka mamitaka ny tenanareo. Fa ankatoavy izay lazainy* (Jakoba 1:22).

Ampitahan'i Jesosy amin'ny olon-kendry ireo izay rehetra mampihatra ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainany. *Koa amin'izany, izay rehetra mandre ny teniko ka mankatò izany dia tahakan'ny lehilahy hendry izay nanorina ny tranony teo ambony vatolampy* (Matio 7:24).

Avelao hihatra amin'ny fiainanao ny Tenin'Andriamanitra arakaraky ny hamakianao azy.

***Miasà amim-pankatoavana***

Imbetsaka ny Kristianina no miatrika ireo didy voalaza ao amin'ny Baiboly. Mampirisika antsika hankatò ny

Free Digital Copy From ServeNow

tenin'Andriamanitra ny Baiboly, ka tsy hihaino azy fotsiny ihany.

Nilaza i Jesosy fa tsy ampy ny mihaino ny teniny fotsiny. Rehefa mandresy mankatò ihany isika no ahatonga ny fiainantsika ho toy ny trano miorina eo ambonin'ny vatolampy – azo antoka sy mafy orina.

***Vakio ho toy ny boky feno ny baiboly***

Ny mpamaky Baiboly dia tokony hikendry ny hankasitraka feno sy voalanjalanja ny zavatra rehetra ampianarin'ny Baiboly momba ny lohahevitra rehetra.

Ny fianteherana amin'ireo andininy tsirairay na amin'ny andalan-tsoratra nofantenana ka ankafizina indrindra (na dia sarobidy ireo aza) dia tsy hitarika antsika amin'ny fahamatorana ara-panahy. Rehefa mikiry mamaky Baiboly amin'ny fomba feno isika, dia lasa hery velona ny fanompoam-pivavahana sy ny asantsika ho an'Andriamanitra, ka tonga naman'i Kristy isan'andro isika.

***Aoka hankato izany***

Rehefa lasa zava-misy aminao ny fahamarinana ara-baiboly, dia mila manao zavatra lehibe iray ianao: ankatoavy izay novakianao ary ampiharo amin'ny fiainanao andavanandro izany.

Aza mamaky ny Teny fotsiny, fa avelao ny Teny hiasa ao aminao, ary hamolavola anao araka ny endriny.

Nahoana no tokony hankatò izany isika?

- Satria didy izany. *Aoka hanolotra ny tenanareo eo anatrehan'Andriamanitra ianareo mba ho olona voazaha toetra, dia mpiasa tsy mahazo henatra fa mizara tsara ny teny fahamarinana* (2 Timoty 2:15).
- Izy io ihany no hany boky torolalana ho an'ny ankehitriny sy ny ho avy.

  *Fa tsy menatra ny filazantsara aho, satria ny filazantsara dia hery avy amin'Andriamanitra izay mitondra famonjena ho an'izay rehetra mino: ho an'ny Jiosy aloha, izay vao*

Free Digital Copy from ServeNow

*ho an'ny Jentilisa koa. Fa ao amin'ny Filazantsara no hanehoana ny fahamarinan'Andriamanitra – dia fahamarinana izay avy amin'ny finoana ho amin'ny finoana, araka ny voasoratra hoe: "Ny marina dia ho velon'ny finoana"* (Romana 1:16-17).

- Mampiomana antsika ho amin'ny asa tsara rehetra izany. *Ny Soratra Masina rehetra dia avy amin'ny tsindrimandrin'Andriamanitra ary mahasoa mba ho fampianarana, ho fandresen-dahatra, ho fanitsiana izay diso ary ho fitaizana amin'ny fahamarinana, ka hahatonga ny mpanompon'Andriamanitra ho vonona tsara amin'ny asa tsara rehetra* (2 Timoty 3:16-17).
- Io no rafitra fiarovana ilaintsika amin'ny ady iainantsika isan'andro. *Koa raiso ho fiarovan-doha ny famonjena ary ny sabatry ny Fanahy, dia ny tenin'Andriamanitra* (Efesiana 6:17).
- Mampahafantatra ny ho avintsika sy ny ho avin'ireo manodidina antsika izany. *Ary rehefa afaka izany, dia indro aho nahita varavana misokatra tany an-danitra. Ary ilay feo voalohany izay efa reko miresaka amiko dia tahaka ny trompetra niteny hoe: "Miakara aty, dia hasehoko anao izay zavatra tsy maintsy hitranga rahatrizay"* (Apokalypsy 4:1).

**Aza hadinoina na oviana na oviana ny hafatra fototra ao amin'ny Baiboly**

Ny tantara ao amin'ny Testamenta Taloha dia miantomboka amin'ny fifanoherana - Nanohitra ny fahefan'Andriamanitra i Adama sy Eva, ireo olombelona voalohany. Nanomboka tamin'io fiandohana tsotra io no nidiran'ny ota tao amin'izao tontolo izao, ary nanomboka nikomy tamin'ny fitondran'Andriamanitra ny olona.

Asehon'ny Baiboly ny fielezan'io fifandonana eo amin'ny olona sy Andriamanitra io. Maneho ny fomba nahatonga fifankahalana teo amin'ny mpiray monina lehilahy sy vehivavy izany, tamin' Andriamanitra ihany koa. Lasa lohahevitra fototry ny Baiboly noho izany ny

Free Digital Copy From ServeNow

ilan'ny olombelona fifandraisana vaovao amin' Ilay Avo indrindra dia Andriamanitra izany.

*Mampanantena vahaolana Andriamanitra*

Ny Testamenta Taloha dia miresaka mazava ny amin'ny faniriana hanana mpanafaka amin'ny ota sy ny fanamelohana ho amin'ny ho avy. Ireo mpaminany dia manambara ny teny fikasan'Andriamanitra hitondra Mpamonjy, izay hanorina fifanekena vaovao amin'ny olon'Andriamanitra – miaraka amin'ny famelan-keloka sy fifandraisana mivantana amin'Andriamanitra. Tondroin'ny Testamenta Vaovao mivantana I Jesosy Kristy ho Ilay Mpamonjy nampanantenaina azy.

*Ny nataon'i Jesosy Kristy*

Rehefa tonga teto an-tany Jesosy dia nanatanteraka ny fanantenan'ny Testamenta Taloha rehetra Izy, ary nanome ny fototry ny Testamenta Vaovao ihany koa. Tamin'ny alalan' i Jesosy, dia niditra tamin'ny tantaran'ny olombelona mihitsy Andriamanitra, ary nanokatra ny lalana ho amin'ny famelan-keloka sy ny fiainam-pahamasinana. Izany dia tamin'ny alalan'ny fahafatesan' i Kristy, ny fitsanganany tamin'ny maty ary ny fanomezany ny Fanahy. Resy izao ny fahafatesana, rava ny herin' i Satana, ary i Kristy izay niakatra ho any an-danitra dia manapaka amin'izao tontolo izao.

*Ankehitriny ianao dia anisan'ny vondrom-piarahamonina vaovao*

Ny Testamenta Vaovao dia mameho ireo mpanara-dia an' i Kristy ho fikambanan'ny voavonjy – voaantso ho mpikambana ao amin'ny fiangonany maneran-tany. Na aiza na aiza no manapaka amin'ny fiainan'ny olombelona i Kristy, dia ao no ahitana ny fiangonany.

Io fiarahamonina vaovao io dia mankalaza an' i Jesosy Kristy ho Tompo, ary antsoina izy io mba

Free Digital Copy From ServeNow

hanatanteraka ny iraka fitoriana ny filazantsara sy fanompoana arahan'asa ho an'izao tontolo izao.

***Ny fandresena farany***

Ny zava-boahary rehetra dia handray anjara amin'ny fandresen' Andriamanitra amin'ny farany. Ny fitiavany sy ny fahamarinany dia hotazonina mba ho hitan'ny rehetra, ary ho foana ny ratsy rehetra.

Miandrandra fatratra ny fiverenan' i Jesosy Kristy isika, rehefa ho avy manokana Izy, amin'ny fotoana iray eo amin'ny tantara, ka hahita Azy ny olona rehetra ary hanjaka amim-pandresena Izy.Ho avy Izy amin'ny maha Mpitsara izao tontolo izao sy Mpamonjy ny olony Azy. Tsy afaka maminavina isika hoe rahoviana no hitranga izany, fa maro ny zava-misy ankehitriny manondro fa efa manakaiky izany vanin'andro farany eo amin'ny tantara izany isika; ady etsy sy eroa, ireo mesia sandoka ary ny fitomboan'ireo loza voajanahary.

Amin'ny maha mpino antsika dia miandrandra lanitra vaovao sy tany vaovao isika. Miandrandra ny andro ho avy isika ka handraisantsika vatana vaovao izay tsy mety ho antitra na ho faty intsony. Ary ho foana mandrakizay ny fahotana sy ny alahelo, ka ho tanteraka ny famonjena antsika.

Ka, inona àry no hamenoanao ny sainao androany? Inona no zavatra henoinao?

Fifosana sa fiteny ratsy? Vaovao izay tsy mampandroso akory ve? Miverena amin'ny Tenin'Andriamanitra isan'andro. Hampahery anao izany! Hitahy anao izany. Hametraka anao anaty fiaikana ihany koa izany.

Aoka hanomboka hihinana ianao. Arakaraka ny hihinananao mantsy no hahatonga anao ho noana bebe kokoa – ka hitombo fahasalamana sy ho matotra arapanahy ianao sy ny fiangonana.

Free Digital Copy From ServeNow

## FANONTANIANA HO FIANARANA SY FANDINIHANA

- Nahoana no tena zava-dehibe aminao ny Baiboly?

- Inona no hitanao miavaka sy manokana mihitsy ao amin'ny Baiboly?

- Inona no tanjon'ny Tenin'Andriamanitra eo amin'ny fiainanao?

- Ahoana no ianaranao mamaky sy mianatra ny Baiboly?

- Matetika ve ianao no maka fehezanteny tsy mifanaraka amin'ny tontolon-kevitra misy mba hiresaka aminao?

- Niova ve ny fahatakaranao rehefa namaky ny toko manontolo ianao?

- Efa nanomboka nitadidy andinin-teny sasantsasany ao amin'ny baiboly ve ianao, mba hiraketanao ampo izany?

- Efa nahita toe-javatra ve ianao ka niantefa mivantana taminao ny Tenin'Andriamanitra ary mila mankatò izany ianao?

- Inona no inoanao ho ivon'ny hafatra ao amin'ny Baiboly?